TAHAN-TSOROKA ARA-TEKNIKA HO AN'NY VEHIVAVY KANDIDA ENY ANIVON'NY KAOMININA HETSIKA 50/50

RANOROMALALALA Lantoharitiana

CATEGORIE: Lalàna fototra, lalam-panorenana ary fampandraisana anjara ny vehivavy eo amin'ny sehatra fanapahan-kevitra

INSTITUTION: ALLIANCE/GOUVERNANCE

FIHAONAM-BE NASIONALY FAHAROA MOMBA NY FAMPIHARANA NY FENITRA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY MIRALENTA SY NY FAMPANDROSOANA

DATY

HOTEL COLBERT ANTANANARIVO

HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!

ILAY TETIKASA

- Fampitaovana ara-tahirin-kevitra narahina fanofanana sy fanentanana teo amin-ireo vehivavy miomana ny hilatsaka ny ho fidiana eny anivon'ny kaominina.
- Zava-dehibe ity tahan-tsoroka ara-teknika ity satria mandrisika ny vehivavy ary manala ireo ahiahy , ny tahotra sy ny tsy fahasahiana eo amin'ny sehatry ny fandraisana anjara ary indrindra fa manampy azy ny amin'ny fiantrehana ny fifidianana sy ny mpifaninana aminy amin-izany .

Ny antony nahatonga ny fanantanterahana io tetikasa io

- Ambany ny taham-pandraisana anjaran-ireo vehivavy eny anivon'ny kaominina raha toa ka 4% ny vehivavy ben'ny Tanana ary 6% ny mpanolon-tsaina

- Anisan'ny sakana ny tsy fahafantarana ny fifidianana sy ny andraikitra miandry raha ho lany izy

- Natao eny anivon'ny kaominina satria ny kaominina no rafitra hintantanana ny raharam-panjakana akaikin'ny mponina ary ahazoan-antoka fa maro ny toerana ahitana fahombiazana.

- Amin-izao vanim-potoanan'ny tetezamita izao dia fotoana ahafahan'ny vehivavy miomana ny fiantrehana ny fifidianana eo anivon'ny kaominina ; ka hanohanana ireo vehivavy maniry hiditra amin'izany sehatra izany.

HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!

Raha mihoatra amin’ireo tanjona 28 ao amin’ny Fenitry ny SADC, ny tanjona noezahana notratrarina

TANJONA	ASA NATAO
Ny andininy 12-13 mahakasika ny fitondrana (fisoloana tena sy fandraisana anjara) hiezaka hametraka ny 50% amin’ny toeram-panampahan-kevitra rehetra , na an’ ny fanjakana na an’ ny tsy miankina , ho tazonin’ny vehivavy , farafahatarany amin’ny taona 2015.	Fanentanana, fandresen-dahatra fampahafantarana ny fenitry ny SADC , ny lanjan’ny fandraisana anjaran’ny vehivavy eo amin’ny sehatry ny fanampahan-kevitra ary fampahafantarana ny fisian’ny taridalana
Hametraka ny fandraisan’ny vehivavy anjara mivantana amin’ny rafitra sy fanampahan-kevitra momba ny fifidianana, indrindra amin’ny fanamorana ho fanamafisana ny fahaiza-manao amin’ny fametrahana ny rafitra hanatsaràna ny fandraisana andraikitra mety haterak’izany.	Fanofanana , famolavolana sy ny famoahana tahirin-kevitra

Ny olona nokendrena hahazo tombontsoa avy amin’ilay tetikasa

- Mahazo tombotsoa
  - Politika
  - Ekonomika
  - Sosialy
  - Teknisiana
  - Haino aman-jery
  - Mpanao lalàna
- 54%ny vehivavy , 46% ny lahy
- Olom-pirenena manana andraikitry eo amin’ny fifidianana ,

TANJONA

Fampiakarana ny taham-pandraisana anjaran'ny vehivavy eo sehatry ny fanampahan-kevitra ka hametrahana ny miralenta eo amin'ny fitondram-panjakana eny ifotony (50/50 amin'ny 2015)

- Ho fahazon-antoka fa hanana paikady ireo vehivavy sy ny mpiara-dia aminy entina hiantrehana (mialoha -mandritra – aoriana) ny fifidianana ary indrindra ny mpifaninana aminy;
- Ho kandida tsy azo hozongozonina ary tsara toerana ny vehivavy,
- Handray anjara ny vehivavy rehetra amin'ny maha mpifidy azy;
- Hampiroboroboana ny sehatra miralenta eo anivon'ny kaominina ka mba hisy fiantraikany eo amin'ny sokajin-olona rehetra ny fampandrosoana.



HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!

Faharetan’ny tetikasa sy ny dingana narahina nanatanterahana izany

HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN’NY TAONA 2015!

1 –FANDIHADIANA

2-FAMPIOFANANA

6- FANEHOANA NY TARI-DALANA T@ VEHIVAVY KANDIDA

3-FANENTANANA

5-FANDERSEN-DAHATRA NY TEKNISIANA

4-FANDRAFETANA

Ny fitaovana nampiasaina nentina nanatanterahana ny asa

- Fanontaniana nanaovana ny tomban-ezaka mialoha
- Ny drafitry ny votoatin'ny tari-dalana nosedraina tamin'ny fiofanana ;
- Ny drafitra fintantanana ny fampiofanana nampiasain'ny mpampiofana ;
- Ny drafim-pandaharam-potoana
- Sary porofo maneho ny asa natao niala tamin'ny fanaovana ny tomban-ezaka voalohany ka hatramin'ny faran' ny tetikasa;
- Ny fanadihadiana teo anoloan'ny haino aman-jery (anaty CD);
- Afisy kely nentina anaovana ny fanentanana teny ifotony;
- Saina entina maneho ny taham-pandraisana anjaran'ny vavy sy ny lahy amin'ny taona 2015;
- Fanamarinam-pahatongavana tamin'ny fanatsarana voalohany naton-ireo teknisiana

HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!

Ny vokatra azo

- Nahatratra 80 ireo vehivavy sahy , vonona hilatsaka ho fidiana ka ny 54 % ireo dia hanao Ben'ny Tanana ary ny 46% kosa dia mpanolon-tsaina , marihina fa tao anatin'ny faritra roa eto madagasikara no nahazoana izany
- Tamin-ireo ihany koa 95% amin-izy ireo dia efa manana tetikasam-piaraha-monina
- Taratasy fijoroana vavolombelona avy amin-ireo nahazo tombontsoa tamin'ny toerana nanovana ny tetikasa

HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!

Ny vokatra azo

- Ny boky tari-dalana mirakitra ny fiomanana hiatrika ny fifidianana sy ny andraikitry ny olom-boafidy eny anivon’ny kaominina;
- Lahadinika natokana ho fampiofanana mahakasikka ny fiomanana hiatrika fifidianana (mialoha-mandritra –aoriana), ny sehatrasan’ny olom-boafidy;
- Tahirin-kevitry ny mpampiofana.

HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN’NY TAONA 2015!

FIOVANA

- Vehivavy mpiasam-panjakana (mpiasa amin’ny fonja ao toliara)
- Taorian’ny fiofanana tapan-kevitra fa hilatsaka mpanolon-tsaina
- Efa manana tetikasam-piaraha-monina

RAZANANIRINA Nina Connée

LESONA

Teo amin'ny fanantanterahana ny tetikasa dia ny teo anivon'ny kaominina no nisafidy ny olona handray anjara tamin'ny fiofanana ka nomarihina fa tsy ny 100% ny mpizaika dia ho vonona ny hilatsaka daholo, manaraka ity dia ireo antoko politka rehetra tsy ankanavaka no ho hentanina handray anjara amin'ny fiofanana ka ireo vehivavy izay efa vonona ny hilatsaka ary eo ihany koa ny vehivavy avy amin'ny fikambanana samihafa izay hilatsaka ho kandida mahaleon-tena.

Ny mampandray anjara ny ben'ny Tanana na mpanolo-tsaina amperin-asa hizara ny traikefa sy ny paikady nihainan' izy ireny nandritra ny fampielezan-kevitra ka nahalany azy.

Tsy kisendrasendra ny fahombiazana

DINGANA MANARAKA

- Famantarana, famaritana mazava tsara ireo vehivavy avy amin’ny antoko izay vonona hilatsaka na kandida mahaleo-tena ;
- Fanarahana sy fanohanana akaiky ireo vehivavy kandida ka manomboka eo amin’ny fisoratany sy fanomanana ny taratasy filatsahana ho fidiana ka hatramin’ny fivoahan’ny valim-pifidianana;
- Fampielezana ny taridalana miaraka amin’ny fomba ampiasana azy amin’ny fikambanana, na any antoko politika, na ny vondron-olona ifotony ;

DINGANA MANARAKA

- Fandresendahatra ireo ray aman-dreny any faritra sasany eto Madagasikara izay mbola tsy mankasitraka ny fandraisan'ny vehivavy andraikitra ka hivoihizana "miaraka amin'ny fivelarana sy ny fandrosoana dia tokony miova ary manana zavatra hafa ho atao ny vehivavy ankoatry ny fikarakarana ny tokatrano";
- Raha eo amin'ny sehatry ny lalàna dia ny fandresendahatra eo amin'ny ny lalam-pifidianana ka hanaovana ny lisitra hahatsara toerana ny vehivavy indrindra eo amin'ny fifidianana ny mpanolon-tsaina ary ny hiadiana ny politika n'ny anjara toerana "quotas";

DINGANA MANARAKA

- Fandresen-dahatra ny vehivavy mba ho mpifidy, mpanara-maso, mpintantana mandritra ny dingana fikarakarana ny fifidianana ;
- Fananganana ny sehatra fifanakalozan-kevitra ho an’ny vehivavy “olom-boafidy sy ny vao hilatsaka” na “ny efa manana taikefa eo @ sehatra politika sy ny tanora vao misandratra”.

RY VEHIVAVY SAHIA MANDRAY ANJARA EO AMIN'NY SEHATRY NY FANAMPAHAN-KEVITRA

50/50
2015

♀♂

HO TRATRANTSIKA IZANY

MISAOTRA TOMPOKO !

HO TRATRANTSIKA NY TANJONA AMIN'NY TAONA 2015!